# Ilay Voa Tsara Nafafy 22 Oktobra 2018

# 22 Alatsinainy oktobra

***(Hoy Jesosy :)* Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina ; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy.** Jaona 5. 24

**Zavatra mahatahotra ny ho azon'ny tànan'Andriamanitra velona.** Hebreo 10. 31

## Tsara kokoa ny any aoriana

Tsy dia nieritreritra loatra ity mpitsabo iray, nanontany marary efa zokinjokiny, hoe : „Manao ahoana izao ny ray aman-dreninao ?" Somary namazivazy ilay marary, namaly hoe : „Salama tsara lavitra izy ireo, ankehitriny, satria efa maty !"

Ho an'olona maro dia tsy isalasalana fa „tsara kokoa ny any aoriana". Ireo izay nilaozana havana nijaly nindaosin'ny fahafatesana, dia mampionon-tena miteny hoe : „Vita teo ny fijaliany. Tsara kokoa ho azy ny nandeha". *„Tsara kokoa…"* Izany tokoa ve ? Iza no afaka miteny izany ?

Tonga avy any an-danitra Jesosy, nidina tetỳ an-tany (Jaona 3. 11-13). Ka iza, ankoatra Azy, no ho afaka hiresaka izany zavadehibe izany amintsika ? Imbetsaka Izy no nampahafantatra ny fisiana toeram-pijaliana (Matio 22. 13 ; 25. 46). Nilaza ny fanoharana mikasika ilay mpanankarena sy Lazarosy Izy (Lioka 16. 19-31), nampiseho fa tsy mitovy ny anjaran'ny olona rehetra, aorianan'ny fahafatesana. Ilay mpanankarena nijaly tao amin'ny fiainan-tsy hita dia nitalaho mba hanirahana olona hampitandrina ireo rahalahiny. Saingy hentitra ny valinteny : manana ny Tenin'Andriamanitra izy (ny bokin'i „Mosesy sy ny mpaminany", tamin'izany fotoana izany). Tokony ho ampy azy ireo izany !

Ankehitriny, raha te hahafantatra ny marina isika, dia manana ny Tenin'Andriamanitra, izay ampy tanteraka. Ahoana hoy izy ?

„Tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana…" (Hebreo 9. 27).

Nefa koa : „Tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy" (Romana 8. 1).

*„Tsaratsara kokoa…"*, famitahan-tena mampidi-doza ny miteny izany, ho an'ny olona mizotra mankany amin'ny fitsaran'Andriamanitra, fa antoka sarobidy kosa, ho an'izay nino an'i Jesosy Kristy.

„Maniry hiala (aho) ka ho ao amin'i Kristy, satria tsara lavitra izany", hoy ny apostoly Paoly (Filipiana 1. 23).